


# Manara-dia an'i Jesoa any Zimbabwe

## Ny fomba ataon'i Sariah hanarahana an'i Jesoa

Manana olana vitsivitsy ara-pahasalamana i Sariah. Mihinana fanafody izy hanampy azy amin'izany. Feno fankasitrahana ny amin'ny fiainany izy. "Manampy ahy ny Mpamonjy, ka tsy misy antony tokony hatahorako," hoy izy.

"Rehefa reraka ny reniko dia mila olona izy hiara-hilalao amin'ny zandriko vavy izay mbola zazakely," hoy i Sariah. Mba hanampiany ny reniny dia mihira ho azy, sy mitrotro azy ary miara-milalao aminy i Sariah.

I Sariah no mahatsikaritra voalohany rehefa misy zavatra mampalahelo ny reniny, ka fihininy mafy foana izy. "Mitondra fifaliana ho ahy ny fanampiana ny hafa," hoy izy. "Indrindra ny fanampiana fianakaviana."



### Afaka manara-dia an'i Jesoa koa ianao!

Inona no zavatra nataonao hanarahana an'i Jesoa? Soraty ary tantarao aminay! Jereo any amin'ny fonony ao aoriana mba hahitanao ny fomba hanaovana izany.




## Mombamomba an'i Sariah

**TAONA:** 7

**FONENANA:** Mashonaland Atsinanana, Zimbabwe

**TENIM-PIRENENA:** Anglisy, Shona

**TANJONA:** 1) Ho lasa mpandihy. 2) Ho lasa dokotera.

**FIALAMBOLY:** Milalao miaraka amin'ny namana

**FIANAKAVIANA:** Sariah, neny, dada, zoky lahy, zoky vavy, zandry vavy

## Ny zavatra tian'i Sariah indrindra

**TANTARA AO AMIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA:** Rehefa nitsodrano ireo ankizy Nefita i Jesoa Kristy (jereo ny 3 Nefia 17)

**FOTOAM-PIALANTSASATRA:** Paska

**VOANKAZO:** Paoma sy voaloboka

**LOKO:** Mena

**HIRAN'NY KILONGA:** "The Sixth Article of Faith" (*Children's Songbook*, 126)